AMBATOLAMPY

# TOVOLAHY MATY NASOSAN'NY MÔTÔ

4

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7486 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 02 febroary 2023

MARINA IZANY !

## VAHAOLANA RESAHINA E !

7

BAREA DE MADAGASCAR

TSIRY TOKINANTENAINA

## HIFINDRA LASY ANY LIBYE KOA

3



MINISITRA ROLLAND RANJATOELINA

8

# TSY MAINTSY MAMETRA-PIALANA RAHA TE HO PCA AN'NY ASECNA



BETSI-GROUPE

10 TAONA NIJOROANA

7



## NANAMAFY NY FANOHANANY NY FILOHA RAJOELINA

WORLD MUSIC AWARD

2

## TAFIDITRA TAO ANATIN' NY 5 VOALOHANY MANERAN-TANY NY MALAGASY

CHANTAL

2

## MIKETRIKA HIRA MILAMINDAMINA INDRAY






World Music Award

# Tafiditra tao anatin'ny 5 voalohany manerantany ny Malagasy

*Tamin'ireo Firenena 25 nandray anjara dia Takasy Hasy no nahazo ny laharana faha- 3 ary faha-4 Vakamiarina.*



**Takasy Hasy sy Vakamiarina nitondra ny amboara.**

Ny Talata teo no nigadona teny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato ny solontenan'ny Firenena Malagasy niatrika ny fifaninanana iraisam-pirenena momba ny mozika. Tany Las Vegas any Etazonia no natao ny fifaninanana nanomboka ny 25 ka hatramin' ny 29 janoary teo. Takasy Hasy sy Vakamiarina no nitondra avo ny voninahimpirenena, izay tafiditra tao anatin'ny 5 voalohany tamin' ireo Firenena 25 nandray anjara. Izany hoe ry Takasy Hasy no nahazo ny laharana faha-3 maneran-tany, raha toa ka lasan-dry Vakamiarina ny laharana faha-4. Amboara sy medaly alimo ary maripankasitrahana miampy fanomezana maro samihafa no loka azon'izy ireo tamin'ity fifaninanana ity. Na tsy nahazo ny voalohany aza, tsapa kosa fa tsy afanaonatra izy ireo manoloana ny Firenena matanjaka, na izany aza azo lazaina fa dingana lehibe no vitany.

**Ho an'ny Malagasy**

Fanandratana sy fampiroboroboana ny kolontsain'ny Firenena moa no natao ary indrindra fampahafantarana ny any ivelany ny zava-misy amin'ny alalan'ny hira sy ny zava-maneno nentim-paharazana. Manomboka eto izany dia mitombo indray ny fahafantaran'izao tontolo izao an'i Madagasikara sy ny kolontsaina malagasy. Ny Amboara azon'izy ireo rahateo, dia nentiny amin'ny anaran'i Madagasikara tsy vaky volo. Raha hiverenana kely, dia ry zareo amerikana no nibata ny laharana voalohany, mpanakanto avy any Senegal no faharoa ary mpanakanto avy any Meksika no faha-5 farany tao anatin'ny fifaninanana.

**Resy lahatra**

Fa ankoatra fifaninanana, nanao asa soa ry zareo mpandray anjara tamin'ity World Music award ity tany Amerika. Anisan'izany, ny fizarana sakafo ho an'ireo sahirana ara-pivelomana; tao ihany koa ny atrikasa sy ny fifanankalozana traikefa ary resadresaka maro samihafa mialoha ny famaranana. Fotoana nahafahan'ny rehetra nampahafantatra ny tantaran'ny Fireneny ara-javakanto sy ny kolontsainy. Teo dia nanomboka resy lahatra tamin'ny solontenantsika Malagasy. Manankarena kolontsaina isika ka amin'ny fotoana tahaka itony fifaninanana iraisampirenena itony no ezahina hampahafantarana azy. Reharehan'i Malagasy ihany koa ny fananana mpanakanto tanora mivoy ny mozika nentim-paharazana toa azy ireo.

Tiaray R

Tasha

# Nanangana tarika, hamoaka ny hirany atsy ho atsy

Efa ela i Tasha no tao anatin' ny sehatry ny mozika,"bassiste" tamin'ny tarika vitsivitsy teto Antananarivo izy ary efa niara-niasa tamin'ny mpanakanto maromaro ihany koa.Tamin'ity taona ity kosa izy vao nanapa-kevitra ny hiantso mpitendry hiarahiasa aminy ka nanangana ny tarika "Tasha ". Ainga vao ho azy araka izany ity taona 2023 ity ary dia hiketrika vokatra maro be izy ireo hatolotra ho an'ny rehetra. "Miketrika hira telo aho hatreto ary alefa tsikelikely eny izany. Mandram-pahavitan' izany nefa dia sady manao "interpretations" ihany koa izahay ary hiezaka ny hamoaka zavatra foana" hoy i Tasha nifampiresaka taminay.



**Ny tarika Tasha.**

Nambarany koa fa hamoaka "interpretation" iray izy ireo atsy ho atsy ka izay aloha no vokatra voalohany hatolotr' izy ireo. Ankoatra izay dia manomana fampisehoana iray izay ihany koa ny tarika amin'ny volana aprily iny izay hatao any Antsirabe. Anisany tetikasa goavana izay vinain'izy ireo atao kosa ny hitety faritra betsaka any ivelan'ny Madagasikara sy ny eto an-toerana. Marihana moa fa miara-miasa amin'ny vahiny iray izay i Tasha amin'izao, manolo-tsaina azy sy manoro hevitra azy amin'ny resaka famoronana hira sy ny mozika izy io ary dia anisany mitondra anjara biriky goavana amin'izao fitsanganan'ny tarika izao mihitsy. Azo antenaina araka izany fa ahita zavatra miavaka be avy amin'ity tarika ity isika.

Tanya.R

Chantal

# Miketrika hira milamindamina indray amin'izao

Miketrika hira vaovao izay natao milamindamina indray na hoe "slow" i Chantal amin' izao. Tsy ho ela dia hiparitaka amin'ny haino aman-jery izany. Nambarany moa fa maro ny mpankafy nangataka izany hira somary milamina izany ka izay no antony nisafidianany hanao izany indray, izay rahateo no tena nahafantaran'ny maro azy hatramin'izay. Marihana tokoa fa hira ilay somary mihetsiketsika ireny foana no navoakan'i Chantal tao ao izay, anisan'ny tena nampalaza azy tamin'ny faraparan' ny taona iny izao ilay hirany mitondra ny lohateny hoe "lamako". Ity farany no nampitsinjahany ny mpankafy rehetra tamin'ny fampisehoana izay nataony tamin'ny herintaona. Miresaka ity farany dia tsara koa ny mampatsiahy fa nitety faritra maro ihany koa ny tarika tamin'ny herintaona,tany Andilamena izy no nanao fampisehoana farany tamin'ny fitsenana ny taona vaovao. Amin'ity taona ity kosa dia mitombo vao io hira vaovao io aloha izao no ketrika vaovao an'ny tarika ary mbola ho fantatra miandalana eo ny fampisehoana izay hataon'izy ireo.

Tanya.R



**Ho avy tsy ho ela ny hira vaovao.**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha izaho no misafidy, ny fotoana tiako indrindra dia ilay fony fahazaza, satria tsy dia nisy nanahiran-tsaina fa fifaliana foana foana no nentina niaina."

**Ny Vetso (16. 05. 15)**

("Childhood is the most beautiful of all life's seasons.")

Erick Manana sy Jenny

# Novetsoin'izy ireo ny tononkalon-dRado "Ho inonao"



**Mampiaiky ny fampitoviana tadin-dokangan'izy roa ireto.**

*«Tononkalo nosoratan'i Rado (Georges Andriamanantena) izy ity, novoleko feony. Mpanoratra tena ankafiziko indrindra ! « Ho inonao ».* Teny ambaran'i Erick Manana ao anatin'ny pejiny io, raha nanolotra ilay hirany vaovao mitondra ny lohateny hoe « *Ho inonao* » izy. Hira amin'ny gadona gasigasy, ravahan'ny fampiaraham-peon'i Erick Manana sy Jenny, tovanan'ny feongitara, tendren'i Erick Manana sy ny lokangan'i Jenny. Hita ho nohamaivanina ny zavamaneno mba hahafahany mampita ny hafatra ao anatiny. Tononkalo nosoratan-dRado efa ampolon-taona maro lasa, nefa mbola mitombina ary vao mainka mitombina aza amin'izao vaninandro iainantsika izao. Manaporofo ny kisarisarin'ny zava-misy eto amintsika fotsiny aloha, amin'izao fahasahiranana mianjady amin'ny ankamaroan'ny malagasy izao. Koa ireo mahatsapa izany, dia ho babony avy hatrany.

*Ny feo mangan'i Erick Manana sy Jenny no namoha indray ny sanganasan-dRado mitondra ny lohateny hoe " Ho inonao ".*

**Efa maro**

Vazo azo lazaina fa anisan'ny hira hanamarika ity fiandohan'ny taona ity izy io, araka ny voalaza etsy ambony. Fa raha zohina kosa ny tantara, tsy vao sambany akory ity kintan'ny hira malagasy ity no nisintona ny tononkalon-dRado ho ravahana feon-kira. Anisan'ny vazo malaza efa hain'ny mpankafy azy ny « *Voninkazo adaladala* », izay efa voarakitra anatin'ny tahirin-kirany. Azo antoka, fa tsy ho latsa-danja amin'ny fandraisan'ny Malagasy, io vazo io ny hankamamiany an'i « Ho inonao ». Mampientana ny fo rahateo ny fomba niangalian'i Jenny (teratany vahiny) azy, izay hita taratra fa voafehiny tanteraka. Mitovy amin'ny fiangolangolan'ireo andriambavilanitra malagasy mpiangaly ba gasy ireny. Efa miparitaka amin'ny tambajotran-tserasera io vazo io, indrindra ny pejin'i Erick Manana (ho an'izay liana). Andrasana kosa ny ampiainan'izy ireo an-tsehatra ny vazo eto amintsika !

Fy

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 916 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Paty sy tongolo gasy ary fromazy**

Zavatra ilaina: paty 500g, tongolo gasy 10, lard fumé 75g, fromazy 200g, menaka 4 sotro lehibe, sira sy dipoavatra.

Teteho ny lard fumé na henan-kisoa fanendy ihany koa mety, ary toraka izay koa ny tongolo gasy Ampangotrahy ny rano misy sira, avy eo dia arotsahy ao ny paty ka masaho. Etsy ankilany, hafanao ny menaka dia endaso ny tongolo gasy sy ny lard fumé ary haroharohy. Teteho ny fromazy. Tsihifo ny paty ary arotsahy miaraka ao dia aroarohy. Arotsahy ao koa ny fromazy dia asio sira sy dipoavatra.

Kitra

# 230 tapitrisa Ar no saram-pifindran'i Koloina any amin'ny Mouloudia Club d'Alger


*Ankoatra ny karamany isam-bolana, hahazo trano sy fiara ihany koa ity mpilalao'i Barea ity.*

Sambany tamin'ny tantaran' ny mpilalao Malagasy eto antoerana nalain'ny klioba any ivelany no ambony be ny saran'ny fifindrany, eo amin' ny taranja baolina kitra. Nambaran'i Rakotoarimanana Henintsoa filoha mpanorina ny CFFA tamin'ny mangarahara omaly, fa vola 50.000euros na 230 tapitrisa ar no saram-pifindran'i Koloina Razafindranaivo na Rakol mpilalaon'ny CFFA(Centre Formation de Football Andoharanofotsy) ho any amin'ny Mouloudia Club d'Alger. Betsaka ireo klioba vahiny naniry haka azy, hoy i Tota saingy rehefa nojerenay mpitantana dia ity MCA atsy Alzeria ity no nandresy lahatra azy ireo. Efa vita tamin'ity herinandro ity avokoa ny fanaovana ny taratasim-pifanarahana teo amin'ny klioba roatonta sy ny federasiona, hoy ny tenany. Mahakasika ny karaman' i Rakol kosa dia aleo izy no hilaza mivantana izany, hoy i Tota fa ny azo ambara dia sady hahazo fiara hoentina sy trano hipetrahana izy any. Ankoatra an'i Rakol , efa vita tamin'ny alatsinainy teo koa ny fifanaovan-tsonia hifindran'i Tsito, mpilalaon'ny CFFA ao amin'ny USS Tampon, ka ankoatran'ny nanakambanana ny tanànan' i Tampon sy Andoharanofotsy, dia hahazo fampitaovana maro isan-karazany ity farany. Tanjon'ny CFFA moa ny hamoaka mpilalao any ivelany, hoy i Tota ka taorian' ny nandrombahany ny amboara sy tompondakan'i Madagasikara, izao namoaka mpilalao izao ny klioba, izay nanambara ho afa-po tamin' ny ezaka vita hatramin'izay. Nanao antso sy nampatsiahy ny rehetra kosa anefa ity filohan'ny CFEM ity, fa tsy tonga tamin'izao toerana izao ireny mpilalao ireny, raha tsy teo ireo filohan'ny klioba, izay namaly ny filana sy hantahantan'izy ireny, saingy tena adinon'ny olona izany, hoy izy. Toa izany koa ireo mpanazatra sy mpilalao miaraka klioba tamin'itony voaantso Barea itony, izay nahafahan' ilay mpilalao nivoatra sy nisongadina. Mahakasika manokana an'i Koloina, dia mbola anatin'ny taona hivelarana sy handehanana lavitra, satria vao handray 23taona amin'ity. Tany amin' ny klioban'ny Garage Radom moa no nanombohan'ny, nandalo CFFA, Adema, Five Fc, niverina CFFA ary izao hikopak'elatra any Alzeria izao.

**Rabenaivo**

Barea de Madagascar

# Hifindra lasy any Tripoli Libye, hampiasa ny talentany koa i Tsiry



**Izy no Olivier Tokinantenaina Randriatsiferana " Tsiry " (ex- FOSA Junior).**

Mitombo hatrany ny isan'ny mpilalaon'ny Barea de Madagascar, alain'ny ekipa any ivelany hanatevindaharana azy. Taorian'i Koloina Razafindranaivo "Rakool", hilalao any amin' ny klioban'ny Mouloudia d'Alger (Algérie), sy Tsito Razafindrasata tsy nandeha tany Algérie fa mpikambana ao anatin'ny ekipam-pirenena, hiaro ny voninahitry ny ekipan'ny USS Tamponnaise (La Réunion), izay samy mpilalaon'ny CFFA avokoa izy mirahalahy ireo, ary Andriamanjato Tokifandresena Rojolalaina "Rojo Be" (ex-Ajesaia), lasan'ny Saint Pauloise FC, dia nantsoin'ny El Ittihad-n'i Tripoli (Libye), hifindra lasy any aminy koa i Olivier Tokinantenaina Randriatsiferana " Tsiry " (ex- FOSA Junior). Eo amin'ny sehatry ny fanaovana fanatanjahantena, indrindra fa amin'ny taranja baolina kitra, dia tsy atao mahagaga ny fangalana mpilalao tahaka izao. Tsy miandry ela ny fanaovana fifanarahana " mercato " momba an'izany satria voafetra ny fotoana. Marihina fa miankina amin'ny fahaiza-manao, asehon'ny mpilalao eny ambony kianja, no hisafidianana sy hangalan'ny ekipa azy ireny. Amin'ny CHAN sy ny CAN, dia ifanotofan'ny mpijirika "Agents recruteurs " ny fanarahana ny fifaninanana, hitiliana ny mpilalao manan-talenta aty Afrika, izay tani-ketsan'ny filalaovambaolina kitra toa an'i Eorôpa sy Amerika Atsimo. Taorian'ny nandresen'ny Lion'i Teranga senegaley ny Barea de Madagascar, dia niteraka resabe tamin'ny tambajotrantserasera ny momba an'ireo "omby" namidy, izay voalaza fa tsy namoaka ny talenta sy ny fahaiza-manaony firy intsony fa miaro ny rambony tsy ho tapaka ho any amin'ny ekipany vaovao. Misy aza milaza mihitsy fa tsy tokony nampiakarina kianja intsony izy ireny sy ny sisa tsy voatanisa. Hevitra moa tera-bary ! Tokony tsy misy ny fanomezan-tsiny. Heverina fa tsy ao anatin'ny fisainan'ireny mpilalao ireny ny tahaka izany fa sendran'ny mpifanandrina avo lenta ny Barea de Madagascar. Mbola misy ny lalao fiadian-toerana, rahampitso, hanarenana ny fahavoazana. Mazava ny fanehoan-kevitry ny mpanazatra Romuald Rakotondrabe "Rôrô" : "*Miaraka mandresy dia Miaraka Resy*". Alefa Barea !

**aris rafaly**

Kitra - Barea CHAN

# Nampisongadina ireny mpilalao ireny ny filohan' ny kliobany, hoy i Tôta

Saika adinon'ny olona ary tena tsy voaresaka mihitsy hatramin'izay, ny fisian'ny filohan'ny klioba, rehefa misongadina ny mpilalao any anaty ekipam-pirenena. Nanao antso sy nampatsiahy ny rehetra ny filohan'ny CFEM, Rakotoarimanana Henintsoa fantatra amin'ny hoe Tôta, fa tsy tongatonga tamin'izao toerana izao ireny mpilalao ireny, raha tsy teo ireo filohan'ny klioba, izay namaly ny filana sy hantahantan'izy ireny, saingy tena adinon'ny olona izany, hoy izy. Mandray andraikitra hatrany ary tena toy ny Ray aman-dRenin'ilay mpilalao mihitsy ireny mpitantana klioba ireny, izay iarahamahalala fa tsy mbola tena mahavelona ny mpilalao ny karama iainany eto. Tsy azo adinoana koa ireo mpanazatra sy mpilalao namany miaraka klioba tamin'itony voaantso Barea itony, izay nahafahan'ilay mpilalao nivoatra sy nisongadina, hoy hatrany ity filohan'ny CFEM ity, izay tsy nijanona fotsiny tao amin'ny ekipam-pirenena, fa maro no nahita lalana nisidina any amin'ny klioba ivelany mihitsy.

**230 tapitrisa ar**

Raha hiverenana, isan'izany i Koloina Razafindranaivo na Rakool, izay hifindra any amin'ny Mouloudia Club d'Alger. Nambaran-dRakotoarimanana Henintsoa, filoha mpanorina ny CFFA, fa vola 50.000euros na 230 tapitrisa ar no saram-pifindrany izany. Betsaka ireo klioba vahiny naniry haka azy, hoy i Tôta saingy rehefa nojerenay mpitantana dia ity MCA atsy Alzeria ity no nandresy lahatra azy ireo, izay sady hahazo karama tsara no homena fiara sy trano hipetrahana koa izy any. Ankoatra an-dRakool , efa vita tamin'ny alatsinainy teo koa ny fifanaovan-tsonia hifindran'i Tsito, mpilalaon'ny CFFA ho any amin'ny USS Tampon, ka ankoatran'ny nanakambanana ny tanànan' i Tampon sy Andoharanofotsy, dia hahazo fampitaovana maro isan-karazany ity farany. Tanjon'ny CFFA moa ny hamoaka mpilalao any ivelany, hoy i Tôta, izay nanambara ho afa-po tamin' ny ezaka vita hatramin'izay. Mahakasika manokana an'i Koloina, dia mbola anatin'ny taona hivelarana sy handehanana lavitra, satria vao handray 23 taona amin'ity. Tany amin'ny klioban'ny Garage Radom moa no nanombohany, nandalo CFFA, Adema, Five Fc, niverina CFFA ary izao hikopak'elatra any Alzeria izao.

**Rabenaivo**

Syndicat des Inspecteurs de la Jeunesse et des Sports

# Noraisin-dRamaroson Toavinirina ny fitantanana

Tontosa tetsy Antaninarenina omaly, ny lanonana fifamindram-pitantanana, teo amin' ireo filohan'ny syndicat des inspecteurs de la Jeunesse et des Sports. Ho an'ingahy Léandre Charles, izay mpitantana teo aloha, dia nilaza fa mafy ny tolona natrehana tamin'izany, saingy tsy nampihemotra azy ireo izany. Anisan'ny nampatsiahivin'ity filoha teo aloha ity, ny fitakiana fampiakaran-karama ho an'ny mpiasam-panjakana, izay nankatoavin'ny mpitondra teto amin'ny firenena. Amin'ny mahampikambana feno azy ireo anatin'ny « grand corps de l'état », dia manana anjara biriky hanohana sy hiray hina amin'ireo « syndicat » maro eto amin'ny firenena ity «syndicat des inspecteurs de la Jeunesse et des Sports». Nankasitraka ny efa vitan'ny teo aloha kosa Ramaroson Toavinirina, filohan'ny « syndicat » vaovao, izay nampatsiahy fa manan-jo aman-kasina sy ny adidy ary andraikitra tanteraka, hiaro ny mpikambana ny syndicat. Hatreto, hoy izy dia ao amin' ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena ihany aloha no sehatrra hahafahan' ny « Inspecteurs de la Jeunesse et des Sports » miasa. Nanamafy ny tenany, fa tsy handeha irery fa ao ireo rahalahy sy anabavy aorinany, izay miara-miasa aminy. Mialoha ny nanekena sy nandraisana ny andraikitra, efa nandeha tany amin'ireo ambaratonga rehetra ny tenako, hoy ity filohan'ny « syndicat » ity. Nomarihan' ingahy Toavina, fa izy irery ihany sisa no « inspecteur » teo aloha am-perinasa. « Archives sy dictionnaire ho antsika ireo zokibe ireo », hoy hatrany ity filohan'ny syndicat des inspecteurs de la Jeunesse » ity. « Mahamay izy ity », hoy i Toavina, fa isika tsy hiditra handrehatra na hamono afo, ary hiara-kiasa amin'ny syndicat rehetra. Nanatrika ity lanonana ity ny filohan'ny « Fédération des Syndicats des Grands Corps de Madagascar », Paolo Emilio Raholinarivo Solonavalona, izay nilaza fa mafimafy ihany izy ity, misy ny « obligation », ary natao « balise » ny syndicat fa tsy hanohitra ny fitondrana. Manao antso ny tenany, ny amin'ny tokony hametrahana amin'ny toerany ny teknisiana, omeo hasina izy ireny, hoy izy, izay manentana ireto inspêcteurs de la Jeunesse et des Sports », mba hiaro ireo fotodrafitrasa ara-panatanjahantena ireo. « Azo hivelomana tsara ny fanatanjahantena », hoy izy fa tokony omena lanja tsara ireny olona mahay sy misehatra amin'izany.

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, machine, fanaka, TV, bisikileta, kojan-dakozia sns. Mam Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 459/8-1)

### COURS

* Cours particulier avec Mr Stacy : Maths, PC. Prof pédagogue. Tél : 034.04.018.21. (G-BA 455/5-4)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 458/4-2)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, nettoyage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 457/6-3)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-15)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-8)

### MITADY ASA

* L. Mitady asa sécurité 27 ans, matotra, madio, tsy mifoaka. Tél : 033.75.351.31 / 034.34.056.20. (G-BA 456/5-5)

Ambatolampy

# Tovolahy maty nasosan'ny môtô nentiny

*Nivarina tany anaty lakandrano ihany koa ny fiara sprinter nifanehatra taminy.*

Roa sosona ny lozam-pifamoivoizana niseho teny amin'ny lalam-pirenena fahafito iny, tamin'ny toerana antsoina hoe Amboniriana kaominina Andriambilany, Distrikan'Ambatolampy, omaly. Olona iray no namoy ny ainy ary fiara sy môtô kosa no niaraka simba. Io no vokatry ny tranga izay niseho teo amin'ny «PK 59+020», tokony tamin'ny 1 ora sy sasany tolakandro. Raha zohina dia efa nivoaka ny tanàna no nisehoan'ny loza. Izany hoe somary nisy fiolanan-dalana. Môtô iray avy any Ambatolampy no tsy nahafehy ny lalana ka nisosa teo am-pidirana io toerana voalaza etsy ambony io. Nianjera avy eny ambony kodiaran-droa ilay mpitondra izany ary nisosa tamin'ny arabe ka namoy ny ainy teo no eo ihany.



**Ilay loza nitranga.**

**Nifanehatra**

Tao anatin'izany no nisy fiara sprinter iray taksibrosy nifanehatra tamin'ity môtô ity. Niezaka niala azy ilay fiara mba tsy handona an'io olona io kanjo nivarina tany anaty lakandrano ihany koa. Tsy nifandona akory ireto fitaovam-pitanterana roa ireto. Vokatr'io dia nahitana fahasimbana ilay fiara ary naratra ny mpamily tao. Tonga teny an-toerana ny zandary misahana ny fifamoivoizana avy ao amin'ny « BPR » Ambatolampy nanao ny fizahana ny zava-nisy ary nanokatra ny fanadihadiana. Taorian'ny fizahana dia nentina tany amin'ny hopitaly ary efa natolotra ny fianakaviany ny vatana mangatsiaka an'ilay namoy ny ainy.

**Ariel D.**

Manakara

# Vola sandoka 6 alina sy 1 tapitrisa ariary saron'ny polisy

Miparitaka ny vola sandoka tany Manakara ! Ravim-bola sandoka 20 000 ariary 53 isa no sarona ary roa lahy no voasambotry ny polisy tany an-toerana fa voarohirohy ho nanaparitaka izany. Rehefa nahazo loharanom-baovao mikasika ny fisian'ny vola sandoka any an-toerana ny polisy dia nandeha nidina ifotony nijery ny zava-nitranga ka voasambotra ireo roa lahy ireo ka nandritra ny fisavana no nahatratrarana ireo vola sandoka mitentina 6 alina sy 1 tapitrisa ariary tany amin'izy ireo. Rehefa voamarina fa vola tsy tena izy ireo tratra ireo dia nentina tany amin'ny biraon'ny polisy ireo roa lahy. Fantatra nandritra ny famotorana natao azy ireo fa avy any Ihosy ny lehilahy iray. Nolazainy fa nivarotra omby izy ka tamin'izany no nahazoany io vola sandoka io. Dia niantso ity lehilahy izay fianakaviany tany Manakara io izy ka saika haparitak'izy ireo any ireo vola sandoka ireo dia izao tra-tehaka izao. Tsy vao sambany fa ny volana oktobra lasa teo ihany koa no nisy vola sandoka an-tapitrisany tratra tany Manakara dia izao miseho izao indray izany.

**T.H**

Alakamisy Fenoarivo

# Efa-bavy mody mivarotra lasopy sady mikarama mivarotra rongony

Vehivavy efatra 44 taona sy 38 taona, 23 taona sy 21 taona mpivarotra rongony no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina Anosy ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro teny amin'ny faritra Alakamisy Fenoarivo. Vehivavy iray amin'ireo no mpamatsy rongony hamidin' izy telo vavy ambiny. Araka ny fanazavana dia irakiraka ireto farany ka mody mivarotra lasopy izy ireo kanefa sady mivarotra rongony ihany koa. Fantatra fa 5 000 ariary ka hatramin'ny 10 000 ariary ny karaman'izy ireo mivarotra izany zava-mahadomelina izany arakaraka ny fisian'ny tsena. Tsikaritr'ireo polisy ny fisian'ny olona mamatsy rongony eny amin' iny faritra iny ka avy hatrany dia nandray ny andraikiny izy ireo nandeha nidina ifotony teny an-toerana ka nanao fanaraha-maso sy nametraka vela-pandrika. Ka dia vehivavy telo no voasambotra tany Ambohidrazana Fenoarivo tamin'io andro voalaza etsy ambony io ihany. Nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo ary nandritra ny famotorana no nanoroany vehivavy iray hafa izay mpamatsy rongony azy ireo ka dia tra-tehaka ihany koa ravehivavy ary mbola nahitana rongony 11 isa teny aminy tamin'io fotoana nisamborana azy io. Ity ramatoa manakarama azy telo vavy ity dia efa 6 taona no namatsy rongony. Efa nigadra noho io fivarotana zava-mahadomelina io ihany ary ny taona 2021 izy no nivoaka ny fonja. Natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha.

**T.H**

Port-Bergé

# Taksiborosy tratra nitondra rongony sy toaka gasy

Taksiborosy iray no tratran'ny polisy nitondra rongony milanja 21 kilao sy toaka gasy 6 bidons ary ravim-paraky milanja 60 kilao. Lehilahy miisa telo 23 taona sy 31 taona ary 58 taona no voasambotra nandritra izany. Afakomaly tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany no nitrangan'izany tany Port-Bergé. Efa nahazo loharanom-baovao mikasika ny fisian'io taksiborosy nitondra rongony sy toaka gasy io ny polisy tany an-toerana ka nanao ny velam-pandrika rehetra mba hahatratrarana izany sy hisamborana ny olona voarohirohy ho tomponantoka tamin'ny fitondrana ireo entana ireo sy ny manodidina izany. Efa nandrasana fotsiny ny fandalovan'ilay fiara ka dia tratra tao ireo zava-mahadomelina sy toaka gasy ary ravim-paraky ireo.

**T.H**

ENSOA Antsirabe

# Nankalaza ny faha 60 taona sy ny andron'ny manamboninahitra lefitra

Lanonana tsy manam-paharoa ny tao amin'ny Sekolim-pirenen'ny Manamboninahitra lefitra ao Antsirabe (ENSOA). Nankalaza ny 1 febroary izay fetin'ny Manamboninahitra lefitra ary faha 60 taona niorenan'ny Sekoly. Hetsika maro ny nanamarihana izany ary maro ny manam-pahefana nanatrika ny lanonana ny Jeneraly Richard Rakotonirina, Minisitry ny Fiarovam-pirenena sady minisitry ny raharahambahiny misolo toerana ary ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin, lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika, sy ny Kaomandin'ny ENSOA, ny Kolonely Andriamisetra Ratsarahevitra ary ireo miaramila teo anivon'ny Toby sy sy ny sekolin'ny tafika ao Antsirabe.



**Manana ny maha izy azy**

Nandritra ny lahateniny dia nilaza ny Minisitra (MDN) fa manana ny toerany ny Sekoly nasionalin'ny Manamboninahitra lefitra. Manana ny maha izy azy ihany koa satria ny manamboninahitra lefitra dia kitro ifaharan'ny fibaikoana amin' ny fanatanterahana ny iraka izay volavolana eny anivon' ireo Etamazaoro. *« Marina fa mihasarotra ny zavatra hatrehana manoloana ireo fiovan'ny ambana fa mankahery anareo hatrany ny tenako mba hijoro satria ny Foloalindahy Malagasy dia hery sy tanjaka eto amin'ny firenena ary tandroka aron' ny vozona »* : hoy ny Jeneraly Richard Rakotonirina, Minisitry ny fiarovam-pirenena . Ho an'ny andron'ny omaly dia natomboka tamin' ny hazakazaka hanamafisana ny firahaliana ny fankalazana teo anivon'ny ENSOA, izay notarihin'ny Minisitra. Taorian'izay dia notokonana ireo foto-drafitr' asa nasiam-panavaozana teo anivon'ny sekoly . Maro ireo tomponandraikitra ambony novolavolain'ity sekoly ity toy ny Minisitra ankehitriny, ny sekretera jeneraly ny zandarimariampirenena .

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Vôndalana**




## Hatsikana an-tsary

**Mamofona**




## Masoandro Miposaka

**Lioka 4 : 38**

Ary nony nitsangana niala tao amin'ny synagoga Jesosy, dia niditra tao an-tranon'i Simona. Ary azon'ny tazo mafy ny rafozam-bavin'i Simona; ary izy ireo nangataka taminy hahasitrana azy.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



" Feony ihany ", hoy ilay jamba mitsapa tafondro.

" Ce n'était que sa voix ", dit l'aveugle en touchant un canon.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2871

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | 4 | | |
| 6 | | | | | 3 | | 1 | |
| | | 1 | 7 | | | 5 | | 9 |
| | | | | 7 | | 9 | | 4 |
| 5 | | | | | | | | |
| 8 | | | | | 2 | | 5 | |
| 1 | | 9 | | | | | | |
| | | | 4 | | | | | 8 |
| | 2 | | 9 | 6 | 1 | | | |

Valin'ny laharana 2870

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 1 | 5 | 9 | 2 | 8 | 7 | 6 | 3 |
| 2 | 6 | 7 | 4 | 1 | 3 | 9 | 8 | 5 |
| 9 | 3 | 8 | 7 | 6 | 5 | 1 | 2 | 4 |
| 3 | 9 | 1 | 8 | 5 | 7 | 6 | 4 | 2 |
| 6 | 5 | 4 | 2 | 3 | 9 | 8 | 7 | 1 |
| 7 | 8 | 2 | 6 | 4 | 1 | 5 | 3 | 9 |
| 1 | 4 | 9 | 3 | 7 | 6 | 2 | 5 | 8 |
| 5 | 7 | 3 | 1 | 8 | 2 | 4 | 9 | 6 |
| 8 | 2 | 6 | 5 | 9 | 4 | 3 | 1 | 7 |

Fanomanana fifidianana

# Samy maka ho azy ny Ratsirakista

*Tsy takona afenina ny tsy fifankahazoana sy fisarahan-kevitra, indrindra eo amin'ireo samy tompon' anarana.*

Efa eo am-panomanana ny fifidianana filoham-pirenena hatao amin'ity taona 2023 ity ny ankamaroan'ny mpanao politika amin'izao fotoana izao. Tsy vitsy ireo mihetsiketsika mafy ny amin'izany ka efa misehoseho sy manatanteraka fitetezam-paritra etsy sy eroa. Isan'ireo mikofokofoka manomana ny fandraisany anjara amin' izany ireo mpanaradia ny antoko naorin'ny Amiraly Didier Ratsiraka. Ny mahavariana, manomboka tsy hita taratra eo amin'ireto farany ny firaisain-kina sy ny fampihavanana araka ny foto-kevitra nijoroan'ny Amiraly tamin'ny fotoan'androny. Tsy takona afenina ny tsy fifankahazoana sy fisarahan-kevitra, indrindra eo amin'ireo samy tompon' anarana. Tato anatin'ny herinandro maromaro izao, mifaninana manao hetsika isehoana ny elatra tarihandry Sophie Ratsiraka ao amin'ilay fikambanana « Rassemblement des Partisans de Ratsiraka ou RPR » sy ny elatra tarihan'i Annick Ratsiraka eo anivon'ny antoko AREMA.

**Hampandany ny Filoha**

Ny sabotsy izao ohatra, raha miantso ny mpanaradia azy eto Antananarivo sy ny avy any amin'ny Faritra ho tonga hanontrona ny fanombohan'ny fankalazana ny faha-10 taona nnijoroan'ny fikambanana RPR sy hifampiarahaba noho ny taona vaovao Rtoa Sophie Ratsiraka dia mitaona ny olony hanatanteraka fambolen-kazo sy hifampiarahaba tratry ny taona eny Tsiafahy ny Birao politikan'ny AREMA tarihandRtoa Annick Ratsiraka. Raha hiverenana ny mikasika ny fanomanana ny fifidianana, na dia tsy nampahafantarina mivantana nandritra ny fivoriana notanterahina tany Toliara ny faraparan'ny taona teo aza dia mazava ny tanjon'ny RPR fa hampandany ny kandidà Andry Rajoelina izy ireo. Etsy andanin'izany, tsy mitsahatra ny miantso an'i Annick Ratsiraka ho kandidan'ny AREMA amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny mpikamban'izany.

**Mamy R.**

Toe-draharaham-pirenena

# Miharihary ny fitongilanana amin'ny fampiharana ny lalàna eto amintsika

Sazy roa taona an-tranomaizina no setrin'ny famoahana vaovao tsy nisy porofo, nampiharina amin'i Mahery Lanto Manandafy. Nolavina ny famoahana an'i Berija, tokony notanterahina tamin'ny 16 janoary lasa teo. Mbola tazonina am-ponja noho ny fiampangana vaovao indray ny minisitra teo aloha Rolly Mercia. Mbola any am-ponja ihany koa i Stanley, ilay tovolahy ampagaina ho mampiasa ny kaonty « Rano Mangotraka », eny amin'ny tambajotra sôsialy, nefa mbola manohy ny fanaony hatrany io kaonty fako voalaza eo ambony io ...Santionany amin'ny raharaham-pitsarana niteralka resabe tato anatin'ny volana maromaro ireo. Raharaha ambaran'ny maro fa mampiharihary ny fitongilanan'ny fampiharana ny lalàna eto amintsika. Tsikaritra ho haingana mantsy ny fandraisana andraikitra raha olom-pirenena tsy maneho hevitra manakiana ny mpitondra no voakasika, saingy mitarazoka kosa na odiana tsy hita raha manam-pahefana na mpomba ny fanjakana. Nisesisesy mantsy tato anatin'ny volana maromaro izao ny tranga mampiahiahy mahavoatonontonona tomponandraikipanjakana sy olom-boafidy ho nanodinkodina volam-panjakana; namoaka an-tsokosoko harem-pirenena; manampatra fahefana…Saingy iarahan' ny olom-pirenena mahita fa mijery fotsiny na ny mpitandro filaminana tokony hanao ny famotorana sy ny fitsarana ary ny ambaratongam-pahefana isan-tokony voakasik'izany. Tranga heverina fa lesoka tokony harenina, mba hiverenan'ny tany tan-dalàna eto amintsika.

**V.R.**

Betsi-groupe - 10 taona nijoroana

# Nanamafy ny fanohanany ny Filoha Rajoelina

Mafampana ny toe-draharaha ! Nanamafy ny fanohanany ny filoha Andry Rajoelina ireo fikambanan'ny Betsileo zanaky Fianarantsoa mivondrona ao anatin'ny Betsi-Groupe ary miantso ny Filoha mbola hirotsaka hofidiana amin'ny fifidianana filoham-pirenena manaraka eo indray izy ireo. Nisongadina izany nandritra ny fanokafana ny fankalazana ny faha-10 taona nijoroany, natao tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina omaly. Manameloka tanteraka ny endrika fanakorontanana ara-politika miseho lany eto amin'ny firenena izy ireo. « *Tokony avela hiasa malalaka ny mpitondra ankehitriny ary ny vahoaka ihany no tokony afaka hitsara izany* ». hoy ny fanambarany. Nosokajian'izy ireo ho toy ny paikady efa nilaozan'ny toetr'andro ny fanonganam-panajakana nisy teto hatramin'izay ka nanaovany antso avo amin'ny vahoaka malagasy rehetra tsy ankanavaka indrindra fa ny Betsileo, mba hifanome tanana ho an'ny Mpiondra ankehitriny ary hihevitra izay tokony hampandroso an'i Madagasikara. Namafisin'ny fanambarana ihany koa, fa efa maro ny asa vitan'izao fanjakana mijoro izao, ka mitaky ny hitohizan' ny asa fampandrosoana efa natomboka sy mbola miandry ny filoha izy ireo.



Nandritra ny fanokafana ny faha-10 taonan'ny Betsi-groupe tetsy Mahamasina omaly.

**Lisi-pifidianana**

Mikasika ny resaka fifidianana, dia isan'ireo fikambanana mandray anjara mavitrika amin'ny fanentanana ny olom-pirenena hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidiana ny Betsi-groupe. Distrika maro ao Fianarantsoa no efa notetezin'izy ireo tamin'izany. Manamafy ny ezaka efa nataon'ny fikambanana ho an'ireo vahoakan'i Fianarantsoa ihany koa izy ireo ary nilaza ny hanamafy ny asa-sosialy sy kolotoraly efa nataony, amin'izao fankalazana ny faha folo taona nijoroany izao.

**Niry R.**

## Marina izany !

### Vahaolana resahana e !

**Milaza miara-mahita ny olom-pirenena tsirairay fa efa fiainana andavanandron-dRamalagasy ny kolikoly. Saika ahitana izany avokoa mantsy ny sehatr'asa sy ny ambaratonga rehetra, indrindra ny sampandraharaha miankina amin'ny fanjakana. Raha taona vitsivitsy lasa, ny fitsarana sy ny mpitandro filaminana ary ny fonja no nitàna ny laharana ambony amin'ny kolikoly, izao efa miparitaka amin'ny ankamaroan'ny minisitera sy ny Andrimpanjakana. Hamarinin'ny tarehi-marika ny zavamisy, araka ny vokatry ny fanadihadian'ny sehatra iraisam-pirenena, misahana izany. Mikasika ny fonja manokana dia efa an-taonany maro no miaina ao anaty kolikoly mampihoron-koditra ny mpiantsehatra rehetra eny amin'io toerana io. Fantatry ny rehetra mifanerasera eny amin'ireny toerana ireny ny hoe vao mihetsika dia vola. Manginy fotsiny ny tsindry sy ny tsy rariny ary ny fanararaotana ireo efa tototry ny adin-tsaina sy ny fahasahiranana. Maro ny fanadihadiana natao namoahana ny zava-misy eny amin'ireny fonja ireny, saingy tsy nanova na inona na inona izany, noho ny tsy fisian'ny fandraisana andraikitra. Mivilana rahateo ny tokony hotahafina ka tsy mahagaga raha manao randrantarihina. Dikany, heverina fa tsy fotoana tokony fitanisana ny trangan'ny kolikoly intsony izao satria ho lava lisitra. Ny sampandraharaha napetraka manokana hanara-maso sy hanasazy ireo nandika lalàna rahateo mangina sy mijery fotsiny na manao ihany fa mifidy sokajin'olona handraisana andraikitra. Ka tsy aleo vahaolana no resahina e! Ny vahaolana izay angamba tsy handaitra amin'ny goaika antitra intsony, noho izy ireo efa mahita tsirony loatra fa ny tanora mbola mahabe fanantenana no hovolavolaina hahitsy !**

**Voahangy Rakotozafy**

Filohan'ny Sénat

# Niantso ireo Ben'ny tanàna hijery ny asa fampandrosoana

Andrimpanjakana mpiahy voalohany ny vondrom-bahoakamparitra itsinjaram-pahefana ny Antenimierandoholona. Izany indrindra no nahatonga ny Filohany Atoa Razafimahefa Herimanana nanao antso avo tamin'ireo Ben'ny tanana manerana ny nosy mba hijery sy hanao vaindohandraharaha ny asa fampandrosoana ny vahoaka eny ifotony. «*Tokony hanao laharam-pahamehana ny fampandrosoana ny Kaominina ny Ben'ny tanàna satria izay no antony nifidianana azy* », hoy ny Filohan'ny Sénat afakomaly. Tonga niarahaba ity farany noho ny taona vaovao 2023 teny amin'ny Lapan'Anosikely moa ireo Ben'ny tanàna avy any amin'ny faritra Itasy niaraka tamin' Atoa Governoram-paritra. Nandritra izany no nitondran'izy ireo ny hetaheta sy nampahafantatra ny olana sedrain'izy ireo any amin'ireo Kaominina iandraiketany tsirairay avy. Manantena hatrany ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta ireto olomboafidy avy eny ifotony ireto. Nisaotra ny Filohan'ny Antenimierandoholona ihany koa izy ireo amin'ny fahaizany mampifandray hatrany ireo Ben'ny Tanàna rehetra ao amin'ny Faritra Itasy.

**JUDD**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Minisitra Rolland Ranjatoelina

# Tsy maintsy mametra-pialana raha te ho PCA ao amin'ny ASECNA

*Raha vonona, mandray ny toerana maha PCA azy izy ny 1 may 2023.*

Lany ho filohan'ny filankevipitantana na PCA ao amin'ny masoivohon'ny fiarovana ny fitaterana an'habakabaka eto Afrika sy Madagasikara na ASECNA ny minisitry ny Fitaterana sy ny famatantarana ny toetry ny andro, Ranjatoelina Rolland. Fantatra izany nandritra ny fivoriana ampitaindavitra nataon'ireo komitin'ny minisitra misahana ny fitaterana an'habakabaka avy amin'ireo firenena mikambana izay notanterahina ny 31 janoary 2023 lasa teo. Misy 18 ireo firenena mpikambana ao amin'ny Asecna. Andraikitr'izy ireo ny manaramaso ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena 27 sy seranana nasionaly sy isamparitra 76 avy ao amin'ny faritanin'ny mpikambana ao aminy. Ny ASECNA ihany koa no manoro ny lalan'ny fiaramanidina, ny fifamoivoizana an'habakabaka, fampitana hafatra teknika sy mikasika ny zotra iray ary fampitana izay mety ho vaovao mikasika ny mety ho toetry ny andro eo amin'ireo faritra enina eto Afrika sy Madagasikara iasany. Mifarana ny 30 aprily 2023 izao ny fe-potoana hiasan'ny PCA teo aloha ka mandray ny asany ny PCA vaovao ny 1 may 2023. Maharitra telo taona kosa ny fe-potoana iasany. Raha hitana izany andraikitra izany anefa ny minisitry ny fitaterana sy ny famatantarana ny toetry ny andro Ranjatoelina Rolland dia tsy maintsy mametra-pialana amin'ny maha minisitra azy. Voalazan' ny fitsipika anatin'ny masoivoho an'ny ASECNA mantsy ny tsy fahafahany mitana andraikitra roa dia ny sady maha minisitra azy no maha sady PCA azy ihany koa. Mbola manam-potoana andinihana izay fanapahankevitra ho raisiny ny minisitra Ranjatoelina Rolland mandrampahatongaizay fotoana izay.

**Nath**

Vidim-bary

# Tsy voafehy ny fiakarany, 3 350 Ariary ny kilao



Mila tsy ho zakan'ny fahefa-mividin'ny mpanjifa ny vidim-bary. (Tahirin-tsary)

Midangana ny vidim-bary eto amin'ny faritra Analamanga. Niezaka nitady vahaolana tamin'ny alalan'ny fampitomboana ny fanafarana vary sy ny fanaparitahana ny vary mora teny amin'ny tsena ary nanetsika ireo mpanaramason'ny varotra ny fanjakana, saingy tsy nety voafehy ny vidiny. Efa tafakatra 3 350 Ariary ny kilao. Ireo karazambary zanatany no tena midangana toy ny Makalioka, ny Tsipala, ny Gasy mena, sns. Tsiahivina fa talohan'ny fetin'ny faran'ny taona no efa nikaikaika tamin'ny vidim-bary ny mpanjifa. Miakatra koa ny vidin'ny akotry any amin'ireo faritra mpamokatra vary. Nahatratra 1 800 Ariary mahery ny kilaon'ny akotry tany Alaotra Mangoro. Manampy trotraka ny faharatsian'ny lalana famoaham-bokatra, indrindra fa amin'izao fotoam-pahavaratra izao, izay mitarika ny fitomboan'ny mason-karenan'ireo mpanangom-bokatra. Mbola iaraha-mahalala koa fa ao anatin'ny fotoan'ny maitso ahitra tsy mampisy ny vokatra ny eto amintsika hatramin'ny volana aprily. Manana fahafahana manao ny famerana ny vidin'entana ny fanjakana araka ny voafaritry ny lalàna, saingy nambaran'ny teo anivon'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana fa mbola tsy feno ny fepetra hirosoana amin'izany. Tsy ny vary ihany no miaka-bidy fa ny ankamaroan'ny entana ilain'ny mponina andavanandro mihitsy. Na ireo mpiaro ny zon'ny mpanjifa mpampaneno lakilosy koa aza lasa tsy re feo intsony tato ho ato.

*Miakatra ny vidin'ireo karazam-bary vokatra eto an-toerana.*

**R. Muray**

Base Toliara

# "Manapotika ny maha-olona fa tsy hahasoa", hoy ny MAZOTO

Raha nifanesisesy ireo fanambarana manohana sy manohitra ny tetikasan'ny orinasa base Toliara" tato ho ato dia nijoro sy nivoaka tamin'ny fahanginany ihany koa ny fikambanana MAZOTO sy ny Zanadriake ary ireo fokonolona mpiaro ny tontolo iainanaany antoerana. *"Manapotika ny maha-olona fa tsy hahasoa an'i Toliara akory io tetikasa io. Efa najanon'ny filankevitry ny Minisitra ihany koa io fitrandrahana fasimainty io. Araka izany raha mandeha ny fitrandrahana dia misy tsy fanaraha-dalàna ataon'ny base Toliara. Ny zavatra efa naato dia tsy ananan'ny olom-pirenena fahefana hanaovana hetsika sy famoriam-bahoaka, satria midika ho fandikan-dalàna izany raha mbola minia manao an'izany ireo olona sasany"*, hoy ny Kly Fanapera izay mpikambana eo anivon'ny MAZOTO. Raha ny voavao niparitaka ny herinandro teo, misy tomponandraikitra eo anivon'ny Minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany voasaringotra ho nanome alalana ny fitrandrahana ataon'ity orinasa ity kanefa





Efa nisy ny diabe nanoherana an'ity tetikasa ity taona maro lasa izay.

ny naoty efa nivoaka dia tsy tokony hisy asa handeha fa efa naaton'ny fanjakana avokoa izany, Manoloana an'izany dia manontany ny tanora eo anivon'ny fikambanana Zandriake hoe *"firy taona moa izay no nisian'ny QMM? Maninona Ambovombe sy Amboasary no tsy miasa amin'izany? Raha misokatra ve ny Base Toliara dia ny olona manerana an'i Madagasikara no hiasa aty aminay, Efa foana ve ny kere aty atsimon'ny Nosy? Mampitandrina an' ireo olom-boafidy sy olomvoatendry eto Toliara izahay satria manao tsinontsinona anay Zandriake izy ireo"*, hoy ny tanora iray nitondra ny tenin'ity fikambanana mpanarato sy mpanjono an-dranomasina any Toliara ity. Nomarihan'ireo nandray fitenenana fa tombontsoan' olom-bitsy ihany no hisokafan'io orinasa io fa tsy hitondra soa ho an'ny vahoaka akory.

### Tsy miaro

*"Misy amin'ireo Raiamandreny sasany izay mitondra olona sy andian'olona izay misy an'ireo Solombavambahoaka na Senatera na Maire no tsy mieritreritra sy tsy miaro akory ny soa iombonana. Ireo olona ireo ilay atao hoe mal élu satria na ny Depiote izay mampivory sefo fokontany dia miantso ihany koa hisiana solontenan'ny mpikambana miaraka aminay isam-pokontany. Misy fanararaotana an'ireo olona mody antsoina hivory izany ka ilazana fa efa manaiky ny hanokafana ny base Toliara ireo olona izay tonga nivory tamin'ny saina madio. Lasa miaro tombontsoan'olombitsy sy fitiavan-tena no manjaka"*, hoy kosa Atoa Théo Rakotovao izay filoha nasionalin'ny MAZOTO taminay. Ankoatran'izay dia notsindrian'Atoa Georges izay filohan'ny Zandriake ao Toliara fa *"olona nomena vola ireny nanotrona ny Raimandreny nandritra ny hetsika nisiana olom-boafidy niteny tamin'ny haino amanjery ireny"*. Tsy manova ny fitakiana sy ny fikatsahana ny soa iombonana hatrany no tanjon'izy ireo.

*"Efa najanon'ny filankevitry ny Minisitra ihany koa io fitrandrahana fasimainty io"*

**HAR**

Mpiasa 30

# Tsy nandray karama telo volana, nampijalian'ny mpampiasa

Mpiasa 30 avy amin'ny Faritra maro samihafa no tsy nandray karama telo volana izay. *"Ny tena olana dia nogiazana karapanondronay sy finday rehetra fa nalain'ny mpampiasa ka tsy afaka mikofoka. Niharana herisetra izahay ary koa nivadihan'ny mpampiasa koa raha ny tena marina. Izay mpiasa mitaraina fa marary dia tsy mahazo fitsaboana"*, hoy ny solontenan'ireo mpiasa. Fitarainana avy amin'ny ivontoerana trano aro zo tao amin'ny fokontanin' Andohotapenaka II no nahazoana an'ity vaovao ity. Ny tena olana dia nisy nitondra zazakely ireo vehivavy mpiasa.*"Ny mampatahotra mafy anay koa dia misy namanay roa lahy tsy hita izay nalehanay ary tsy fantatra izay niafarany htaramin'izao"*, hoy hatrany ireo mpiasa. Fantatra fa misy amin'ireto farany no avy any : Ambatondrazaka sy Fianarantsoa ary Ambositra ka samy nilazana izy ireo fa hanao toeram-piompiana teny Ambohijanaka. Nandritra ny telo volana niasana izay tsy mbola nandray karama izy ireo. Araka ny loharanom-baovao azonay hatrany dia tsy sahy niseho ilay mpampiasa tokony hijery an'ireto mpiasa ireto. Ny Fokontanin'Andohotapenaka II no mampian-trano an'ireto mpiasa ireto aloha satria sady tsy misakafo no tsy nisy natoriana izy ireo. Manao antso avo amin'ny malala-tanana ny Fokontany izay manadray azy ireo. Tsy voahaja ny zon'olombelona sy ny zon'ny mpiasa izay tokony ho sitrahan'ireto mpiasa ireto.

**Heriniaina A.**

Takaitra navelan'i Cheneso

# CSB 8, efitranon-tsekoly 233, trano 1 073 potika tanteraka

Marobe ireo fotodrafitrasa potika nandritra ny fandalovan'ilay rivodoza Cheneso. Araka ny tatitra navoakan'ny BNGRC, sekoly 340 no voakasika ka ny 147 tamin'izy ireo niongotra tafo, 285 nisy fahasimbana tamin'ny ampahany, 233 ireo efitrano fianarana simba tanteraka ary 48 tratran'ny tondradrano. Mpianatra 21 852 kosa no traboina tamin'ny fandalovan'i Cheneso ary misy amin'izy ireo tsy mbola mianatra hatramin'izao satria tsy misy fotodrafitrasa na ihany koa tsy mbola nidina ny rano. Mikasika ny fotodrafitrasa ho an'ny fahasalamana kosa, CSB 8 no potika tanteraka manerana ireo faritra 17 nitondra faisana noho ny fandalovan'i Cheneso. Misy 9 kosa ireo CSB ary CHRD iray nahitana fahasimbana amin'ny ampahany miampy ireo biraompanjakana 2 ary tranon'ny mpitsabo iray. Mikasika ny trano fonenan'ny olona kosa indray, 26 403 ny isan'ireo tratran'ny ranobe, 1073 potika tanteraka ka voatery nitady toeram-ponenana vonjimaika ny olona. Mahatratra 90 870 ny isan' ireo traboina ka ny 34 114 tamin'ireo nafindra eny anivon' ireo toerana voatokana 115 manerana ny faritra nandalovan'ny rivodoza. Efa manomboka mihetsika amin' ny fanaovana asa tanamaro na ihany koa vonjy rano vaky amin'ireo faritra tena nahitana fahavoazana ny tomponandraiki-panjakana sy ireo mpiara-miombona antoka toy ny Unicef izay manao asa vonjy taitra rehefa misy fahavoazana mitranga toy izao. Mbola manentana ireo toerana sasany toa ny any Ambatoboeny, Marovoay ary Mahajanga II amin'izay mety hisian'ny fihotsahan'ny tany.

**Nath**